


Alahady 01 Marsa 2019. Niainga teo Andrenivohitra nizotra nianantsimo ny “Caravane” Rodobe ny ho an’ny Fahasalamana  sy ny Zon’ny Vehivavy, izay iarahana amin’ny Minisiteran’ny Mponina sy ny eo anivon’ny Fiadidian’ny Filoham-pirenena misahana ny Asa sosialy. Hetsika izay niompana amin’ny fizaham-pahasalamana ho an’ireo vehivavy sy ny renim-pianakaviana ary ireo mitondra vohoka, ary tafiditra amin’ny herinandro ny fanamarihana ny Andro eran-tany ho an’ny Vehivavy.






Andro iraisam-pirenena ho an’ny Vehivavy izay mitondra ny lohahevitra : « **Izaho sy ianao, isika rehetra miombon’andraikitra hisitrahan’ny vehivavy ny zony** » ka iresahana ny momba ny Zon’ny Vehivavy sy ny Fahasalamana, mandritra ny herinandro (01 martsa ka hatramin’ny 08 martsa 2020).







Nosafidiana manokana ny lohahevitra mba hifandray amin’ny fanentanana sy ny fanabeazana ny tsirairay, satria manadanja ny fampiharana ny Zon’ny Vehivavy ary hiankinan’ny Fampandrosoana ny Firenena. Ny Zon’ny Vehivavy, raha tsiahivina, dia tsy hafa akory fa mitovy ny Zon’ny rehetra izay tokony hisitrahany, ka anisan’izany fananana Zo hianatra. Eran-tany anefa, ary indrindra indrindra eto Madagasikara, dia *“mbola maro ny ezaka atao ho fanatratrarana izay fampiharana ny Zon’ny Vehivavy izay”* , araka ny fanazavana ny hetsika nataon'ny Tale Jeneraly ny Fiahiana Ara-tsosialy sy ny Fampivoarana ny Vehivavy, Ramatoa Rova Rabetaliana (MPPSPF).







[illegible] Distrika Antanifotsy, no nisantarana ny fizaham-pahasalamana







[illegible]




[illegible]